# FAMPIATOANA NY FAMPIHARANA NY TATAON-KETRA AMIN'NY VARY AVY ANY IVELANY : MANANA POLITIKA MAZAVA IOMBONANA VE NY GOVERNEMANTA SA SAMY MAKA HO AZY ?

Tsy mbola mazava akory ny raharaha mikasika ny tsy fanajàna ny zon'ny tantsaha mahakasika ny masomboly sy ny fanerena an-kolaka azy ireo hividy masomboly indostrialy araky ny fitsipiky ny UPOV, taorian'ny nanasoniavan'ny Fanjakàna Malagasy ny fifanarahana ara-toe-karena miaraka amin'ny Vondrona Eropeanina tamin'ny volana Jona 2026, dia misy fanapaha-kevitra henjana mety hamono tanteraka ny fiharian-karenan'ny tantsaha noraisin'ny mpitondra tamin'ny volana Aogositra.

Satria fahaleovan-tena ara-tsakafo no kendrena, dia isaorana ny Antenimieram-pirenena nanapa-kevitra tamin'ny volana Jolay 2026 nandritry ny fandinihina ny *Loi des Finances rectificative 2026* fa hanisy tataon-ketra : *droits de douanes* 20 %  miampy TVA 5 % ho an'ny vary afarana avy any ivelany tonga eto Madagasikara,  Iray volana taorian'izay anefa, ny 19 aogositra, dia naaton'ny Filan-kevitry ny Ministra ireo fampiharana haba fanampiny ireo ary tsy nisy fetrany ara-potoana voalaza momba ny fampihatoana.

**Ny tataon-ketra dia fiarovana ny tantsaha malagasy** ho afaka hivarotra ny vokany amin'ny vidiny ahazoany tombony kely na be be manoloana ny ahavon'ny fandaniana tsy maintsy hataony mba ahatanteraka sy ahatsara ny vokatra no antony. Efa hatry ny taona maro no iaraha-mahalala fa mamono ny mpamboly malagasy sy manimba ny toe-karem-pirenena ny fanafarana vary any ivelany, ka nahatonga ny fitondràna samihafa nifandimby nivoy ny « fahavitan-tena sy fahaleovan-tena ara-tsakafo » na dia tsy tena nitondra ho amin'izany aza ny asa nataon'izy ireo indraindray. Iaraha-mahalala koa fa omen'ny fanjakàna any aminy fanampiana amin'ny lafiny samihafa ny mpamboly vary any amin'ny tany sasany ivelan'i Madagasikara, no mahatonga ny variny ho mora vidy rehefa mivarotra aty ivelany izy. Tsy resahana moa ireo vary ratsy kalitao tonga avy any ivelany izay mazava ho azy ny antony maha-mora ny vidiny eto Madagasikara

Efa dingana iray nahabe fanantenana mba ahafahan'ny vary vokarin'ny tantsaha malagasy mifaninana amin'ny avy any ivelany eo amin'ny vidiny, ilay fanapaha-kevitry ny solombavambahoaka. Saingy **ny fanesorana ireo tataon-ketra dia midika ho fanampiana ny mpamboly vary vahiny hifaninana (*concurrence*) amin'ny Tantsaha malagasy**

Koa satria mihatra aman'aina amin'ny vahoaka malagasy maro an'isa ity vidim-bary ity dia nifanakalo hevitra tamin'ny fikambanana sy olona samihafa ny Collectif TANY.

Iombonanay ny ahiahy sy fanontaniana momba ny tombotsoa arovan'ilay fanapaha-kevitry ny Filan-kevitry ny Ministra : ny tompon'ireo vary nafarana an-taonina maro efa tonga tao Toamasina tamin'ny tapaky ny volana Jolay ve no nanao tsindry mahery vaika tamin'ny mpitondra samihafa ao amin'ny Filan-kevitry ny Ministra, sa ny fitambaran'ny mpanam-bola mpanafatra vary any ivelany eto Madagasikara, izay vitsy amin'izy ireo no Malagasy, no dia vao tsy mbola nampiharina akory ilay fanapaha-kevitra hiaro ny tantsaha dia naato tsy misy fetrany ara-potoana. Ankoatr'izay ***Loi des finances*** **no nametraka ilay tataon-ketra kanefa dia *communication verbale* nataon'ny Ministry ny Varotra tao amin'ny *Conseil des Ministres* fotsiny dia nampiantona ilay fampiharana.** Manaporofo io fa tsy manana politika mazava ny governemanta hampitombo ny voka-bary.

## Tolo-kevitra vitsivitsy

Heno fa ny fahatahorana ny vary tsy ho ampy amin'izao fotoana ankatoky ny maitso ahitra izao no antony nanosika ny Ministeran'ny Varotra namporisika ho amin'io fampihatoana ny tataon-ketra amin'ny vary afarana any ivelany io. Manoloana izany dia misy manao tolo-kevitra ny fikambanan'ny mpamokatra vary fa **tokony haverin'ny Ministeran'ny Fambolena sy izay sampan-draharaham-panjakana tokony hiara-hiasa aminy amin'izany ny fanadihadiana any ifotony mahakasika ny antontan'isa momba ny vary vokatra isan-toerana sy isa-paritra**. Maro tokoa ireo tantsaha mpamboly vary no milaza fa betsaka ny vokatra any amin'ny toerana rehetra saingy tazonin'ny tantsaha mba hamidy rehefa miakatra ny vidin'ny vary izay ambany loatra mandava-taona tato ato.

Fantatra koa fa ny fividianan'ny State Procurement of Madagascar (SPM) vary amin'ny tantsaha malagasy no vahaolana iray hitan'ny Ministeran'ny Varotra saingy **kely dia kely loatra ilay 37 taonina novidiana tany Bongolava miohotra amin'ny 800.000 taonina nafarana tany ivelany tamin'ny taona lasa.** Ka tsy maharesy lahatra ireo mpiaro ny tombotsoan'ny tantsaha mihitsy io hetsika vita io raha tsy hatevenina amin'ny fomba samihafa manan-danja sady goavana.

Ny **vahaolana noresahan'ny tantsaha** sy ny mponina maro nilaza hevitra tatsy sy taroa kosa dia :

* fananan'ny mpitondra fanjakàna politika momba ny famokaram-bary hentitra sy mazava ary fifantohana amin'ny fandrindràna izany, mba tsy hampitombo ny hanohanana sy mosary eo amin'ny vahoaka izay ny tantsaha no maro an'isa ;

* paikady mitsinjo fampitomboana ny fahafaha-mamokatra fa tsy fanomezana vary ny mponina sahirana, izay mora lany, dia mampidi-pahasahiranana indray ;

- √ Fampiakarana ny vokatra isaky ny hektara amin'ny alalan'ny tohana ara-teknikam-pambolena, ara-pitantanana ny famokarana (gestion de l'exploitation), ara-pitaovana, fanamorana ny fahazoana vola enti-mamokatra, masomboly, zezika ary indrindra fanomezana tany azon'ny tantsaha volena sy fanampiana amin'ny fanajariana izany ;
- √ Fanamafisana ny fahaiza-manao eny anivon'ny tantsaha eo amin'ny fikarakarakana sy fitantanana ny fitehirizana vokatra (gestion post récolte) mba ho voatsinjo foana ny tahiry ilaina anaty fotoana maitso ahitra, tohana amin'ny fananganana trano fitehirizam-bokatra iombonana na an'olontokana (magasin de stockage) zakan'ny tantsaha (amin'ny *matériaux locaux*).

* fanamafisana sy fanamaroana ireo hetsika samihafa fanohanana ireo tantsaha mpamokatra, toy ny masomboly, zezika, fitaovana, ary fanafoanana na fanalefahana amin'ny fomba hentitra izay hetsika sy zava-misy rehetra manakatsakana na manohitra ny famokaran'ny tantsaha.

* politika matotra sy mazava ara- toekarena ho fitsinjovana ny mpamokatra sy ny mpihinana.

## FEHINY :

Nisintona lakolosy mitodika any amin'ny mpitondra sy tompon'andraikim-panjakàna no nokendren'ity lahatsoratra ity.
Hitohy tsy ho ela amin'ny fampitàna bebe kokoa ny hevitr'ireo tantsaha, izay ny fiarovana ny tombotsoany sy ny tanin'izy ireo no antom-pijoroan'ny Collectif TANY.

7 septambra 2026

**Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy – Collectif pour la défense des terres malgaches**